## Marathon international de Tana

# Niova filamatra kely

Niova filamatra tsy araka ny mahazatra ny fifaninanana hazakazaka lavitrezaka na ny marathon international de Tana amin'ity taona ity.Hiaraka hiasa amin'ny ministeran'ny tontolo iainana ny mpikarakara ny fifaninanana Mercedes Ratsirahonana tompon'andraikitra voalohany ao amin'ny World Trade Center eto iarivo.Ny fiarahana amin'ny federasiona malagasin'ny taranja Atletisma ihany koa dia tsy ahdino.ankoatran'ny hazakazaka mahazatra 42km ho an'ny mpifaninanana dia hisy hazakazaka roa dia ny martoons izay hirefy 1,5km ho an'ny fianakaviana izay te handray anjara ary ny faharoa kosa dia ny Foulées Ecolo izay hirefy 10km natokana ho an'ny rehetra tsy ankanavaka.

Mahakasika an'ireo atleketa izay nasaina manokana handray anjara dia hisy avy any Afrika atsimo ary efa fantatra mazava ho azy ny avy atsy Kenya.

Amin'ny marathon internationa azy dia hisy ny fanarahana azy amin'ny fenitra iraisam-pirenena ka ny ASO (Amauri Sport Organisation ) no hiandraikitra izany fanarahana maso izanytoy ny tamin'ny taona lasa teo.

Tsara ho marihina afa amin'ny 10 sy 11 oktobra ho avy izao no hanaovana an'ilay fifaninanana marathon international de Tana io.



José R

Sport Fa.